Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

INONA NY KRISTIANA ? (QU'EST-CE QU'UN CHRÉTIEN ?)

Io indray, ry havana, no lohahevitra nomena hovelabelarina amin'izao fandalinam-pinoana ataontsika ato anatin'ny Fandaharan'asan'ny Soritrasam-piangonana (SAP) sy Komity Nasionalin'ny Projet Laïka (KNPL) izao. Ao anatin'ny lohahevi-dehibe hoe « Ny tsotra amin'ny fiainana kristiana » (La vie chrétienne normale) izany. Tsy izaho no nifidy ny lohahevitra fa natolotra ahy izany, ary nangatahina ahy mba arafitra amin'ny alalan'ny famakafakana sy fandalinana ny 1 Petera 1. 13-25. Mialoha ny hidirana amin'ny famakafana dia misy ireto fanamarihana vitsivitsy ireto aloha tiako hipetraka :

☛ Ny fanamarihana voalohany ataoko, ary **tiako hosoritana manokana mba tsy hahadiso hevitra antsika sy hahatonga antsika ho voasariky ny fampianarana ataon'ny olona sasany** tsy mikendry afa-tsy ny haka olona hanaraka azy ao anatin'ny antokom-pinoana vaovao atsangany mifanaraka amin'ny heviny, (« Nouvelle dénomination religieuse »), dia **miovaova araka ny zava-misy voafaritra ao anatin'ny fotoana sy ny sehatra iray ny famaritana ny hoe maha-Kristiana**. Ny hany iombonany dia hoe « mpanaraka an'i Kristy » ny Kristiana. Arakaraka ny fandraisan'ny olona an'i Kristy no mampiova koa ny fandraisana ny famaritana hoe « Kristiana ». Tany am-boalohany dia **anaram-panesoana no niantsoana antsika ho Kristiana ary nadika ho toy ny « sekta » nitaha tamin'ny fivavahana jiosy sy ny fivavahana nanan-danja teo anivon'ny fanjakana romana izany** (*jereo* Asan'ny Apostoly 11. 26 ; 26. 28 ; 1 Petera 4. 16).

☛ Ny fanamarihana manaraka indray dia momba ny **famoahan-kevitra avy ao amin'ny Soratra masina** (« hermeneutique », hoy ny mpandalina izany) : tsy azo terena hilaza izay tsy lazainy mihitsy ny teny voasoratra, fandrao mampivaona ny hafatra tiany ampitaina izany. Ny loharanon'ny fahadisoan'ny antsoina hoe « heresie », teo amin'ny tantaram-piangonana mifandimby, dia ny mifantina lohahevitra iray heveriny ho marina ifikirana, koa ezahina hamarinina hatrany avy amin'ny fitsimponana andalan-teny avy ao amin'ny Soratra masina, na dia tsy mifanaraka amin'izany akory aza ilay teny. Mbola maro ankehitriny ny mianatra tsianjery andininy na teny ao amin'ny baiboly ka mitanisa sy mampiasa izany ara-bakiteny fotsiny handresena lahatra izay miady hevitra aminy. Manjary tsy ny tena hevitry ny Soratra masina no mivoaka fa ny hevitr'ilay olona manokana : tsy voazava araka ny tokony ho izy miainga avy amin'ny votoatin'ny hafatra tiana ampitaina ny teny (contexte), fa toy ny saron-tava fotsiny ihany (pretexte).

☛ Ny fanamarihana fahatelo dia izay maha-kristiana, **tsy tanjona kendrena araka ny saintsika akory, na toetra atafy tsy mety miova (état saisi immuable), fa ezaka tsy maintsy atao mandrakariva iarahana amin'Andriamanitra irery ihany**. Hoy ny apostoly Paoly raha milaza momba izany: « Ankehitriny tokoa dia mahita manjavozavo toy ny amin'ny fitaratra isika, fa rahatrizay vao hahita mifanatrika. Ankehitriny dia sombiny no zavatra fantatro, fa rahatrizay aho vao hahafantatra tsara toy ny ahafantaran'Andriamanitra ahy. » *1 korintianina 13. 12*. **Ny fo no foiben'ny maha-izy antsika ary tsy mety ho hita ety ivelany izany** ka azo ampiangoina araka izay hitiavana azy mba ho hitan'ny olona, sady tsy voafetran'ny toerana sy fotoana faritantsika olombelona. Ny atin'ny fontsika olombelona no mitahiry ny fahatsorana sy toetra tsara (sincérité) nahariana antsika.

Endrik'Andriamanitra nahariana antsika olombelona ny fo, ka tsy misy mahay mamantatra feno izany raha tsy Andriamanitra no mampiseho azy amintsika. Ny hany azon'ny olona atao hanamboarany aseho ety ivelany ny toetry ny fony, raha tsy araka ny tokony ho izy naharian'Andriamanitra azy, dia ny fihatsarambelatsihy. Ny mason'Andriamanitra mijery lalina tafapaka hatrany amin'ny ati-fontsika dia mahalala ny marina momba antsika. Mora amintsika ny mamitaka ny fijerin'ny olona amin'ny fihatsarambelatsihy, ary mora ihany koa ny mamitaka ny tenantsika amin'ny fifikirantsika araka ny saintsika olombelona fotsiny hihevitra na hanao izay tsara heverintsika. Fakam-panahy mahazo ny maro mandrakariva manko, dia heveriny fa ny fisehoana ivelany no ahafahany maneho fa kristiana izy. Be ny ho diso fanantenana rehefa rahatrizay hihaona amin'ny Tompo fa tsy ho fantatry ny Tompo akory : « Amin'izany andro izany, dia maro no hanao amiko hoe: Tompo o, Tompo o, tsy efa nilaza hafatra tamin'ny anaranao ve izahay? tsy efa nandroaka demony tamin'ny anaranao ve izahay? tsy efa nanao asa mahagaga maro tamin'ny anaranao ve izahay? Ary amin'izay no hanambarako aminy hoe: Tsy fantatro na oviana na oviana ianareo; miala amiko, ianareo mpanao ratsy!»*Matio 7. 22*. Fa mazava ny tenin'Andriamanitra hoe : « Tsy mba mitsara toy izay ataon'olombelona Aho. Ny olona mijery ivelany fotsiny ihany, fa Izaho TOMPO kosa mahita hatramin'ny atin'ny fo. » 1 Samoela 16, 6-7. Io atin'ny fo maha-kristiana io no ilàna fikolokoloana mandrakariva, ary tsy asantsika araka ny herintsika fotsiny fa asan'ny Fanahy Masina. Hoy ihany ny hafatra avy amin'ny Apôstôly Paoly momba izany, hoe : «Fa izao no ambaran'ny Soratra Masina: Hofoanako ny fahendren'ny hendry, holaviko ny fahaizan'ny mahay. Aiza ny olon-kendry? **Aiza ny mpahay lalana? Aiza ny mpiady hevitra avy amin'izao tontolo izao?** Tsy efa nahariharin'Andriamanitra ho fahadalana ve ny fahendren'izao tontolo izao? Fa ny fahendren'olombelona dia tsy nahalalan'izao tontolo izao an'Andriamanitra na dia teo amin'izay nihariharian'ny fahendren'Andriamanitra aza. Noho izany, dia sitrak'Andriamanitra ho tamin'ny alalan'ny hafatra miendrika fahadalana izay torinay no hamonjena ny olona izay mino. Eny, mitaky famantarana avy amin'Andriamanitra ny Jiosy, ary ny Grika mitady fahendrena; izahay kosa dia i Kristy voahombo teo amin'ny hazofijaliana no torinay: fanafintohinana ho an'ny Jiosy izany ary fahadalana ho an'ny hafa firenena. **Kanefa ho an'izay voaantson'Andriamanitra, na Jiosy na hafa firenena, dia i Kristy no herin'Andriamanitra sy fahendren'Andriamanitra; satria izay toa fahadalan'Andriamanitra dia hendry noho ny fahendren'olombelona, ary izay toa fahalemen'Andriamanitra dia mahery noho ny herin'olombelona. Mba mijere tena ange ianareo izay voaantson'Andriamanitra, ry havako: araka ny maha olombelona, dia tsy misy firy ianareo no olon-kendry, tsy misy firy no mahery, tsy misy firy no avo razana. Kanefa izay noheverin'izao tontolo izao ho adala no voafidin'Andriamanitra hampahamenatra ny hendry; izay noheverin'izao tontolo izao ho osa no voafidin'Andriamanitra hampahamenatra ny matanjaka; ary izay noheverin'izao tontolo izao ho ambany sy fanaratsy, dia izay ataony tsy ho zavatra, no**

voafidin'Andriamanitra hahatsinontsinona izay ataon'izao tontolo izao ho zavatra, mba tsy hisy mihitsy olombelona mahazo mirehareha eo anatrehan'Andriamanitra. Fa nataon'Andriamanitra tafaray amin'i Kristy ianareo, ka dia i Kristy no fahendrena avy aminy ho antsika: i Kristy no andraisantsika ny fahamarinan'Andriamanitra ary anafahan'Andriamanitra antsika amin'ny fahotana. Noho izany, araka ny voalazan'ny Soratra Masina, izay mirehareha, dia ny nataon'ny Tompo no aoka hireharehany.» *1 Korintianina 1. 19-31*. Niniaviko nosoritana mafy ny hevitra sasany nambaran'ny apôstôly, satria manan-kolazaina amintsika FPMA. Ny tokony hokendrentsika voalohany indrindra, ary hahafantarantsika fa kristiana isika, dia ny hoe: «**Fa nataon'Andriamanitra tafaray amin'i Kristy ianareo, ka dia i Kristy no fahendrena avy aminy ho antsika: i Kristy no andraisantsika ny fahamarinan'Andriamanitra ary anafahan'Andriamanitra antsika amin'ny fahotana**». Fanomezan-danja tafahoatra ny Fitsipika sy Lalàna, ary fankamamiana be dia be ny ady hevitra: izany no hitantsika foana tato ato ao anatin'ny Fiangonantsika. Kanefa tsy maneho ny fiainana kristiana izany fa fomban'izao tontolo izao ihany.

Fa andeha àry horaisintsika amin'izay ny teny voalahatra mba hiarahantsika mandalina anio:

«**Nokarohin'ny mpaminany tokoa izay vaninandro sy toe-javatra notondroin'ny Fanahin'i Kristy; fa tao anatin'izy ireo ny Fanahin'i Kristy ka nanambara mialoha ny fijaliana hanjo an'i Kristy sy ny voninahitra hanaraka izany.**
12 **Nasehon'Andriamanitra tamin'ireo mpaminany fa ny zavatra nomena horaharahainy dia tsy natao ho azy ireo fa natao ho anareo; ary izany zavatra izany dia nampandrenesina anareo ankehitriny, tamin'ny alalan'ireo olona izay nomban'ny Fanahy Masina nirahina avy tany an-danitra ka nitory ny Vaovao Mahafaly taminareo. Eny, izany zavatra izany aza dia irin'ireo anjely hodinihina.**
13 **Noho izany, dia aoka ho vonombonona lalandava ny fanahinareo; mahonona tena, ka antenao tsara ny fahasoavana izay hatolotra anareo amin'ny andro hisehoan'i Jesoa Kristy.** 14 **Aoka ho fatra-panaiky an'Andriamanitra ianareo, ka aza manaraka ny filandratsinareo fahiny, fony ianareo mbola tao anatin'ny tsy fahalalana.** 15 **Fa masina ilay Andriamanitra niantso anareo; noho izany, aoka ho masina tahaka Azy koa ianareo amin'ny lafim-pitondrantena rehetra,**16 **satria izao no voalazan'ny Soratra Masina: Aoka ho masina ianareo satria masina Aho.**17 **Ilay Andriamanitra, tsy mizaha tavan'olona fa mitsara ny tsirairay araka ny asany avy, dia antsoinareo hoe Ray; koa manana fitondrantena feno fanajana Azy ianareo mandritra ny andro ivahinianareo ety an-tany.**18 **Fantatrareo fa ny nanavotana anareo, ho afaka tamin'ny fitondrantena tsy mahasoa nentim-paharazana, dia tsy zavatra mety simba tahaka ny volafotsy na ny volamena;**19 **ny nanavotana anareo dia ny ra sarobidy nafoin'i Kristy, toy ny ran-janakondry tsy misy kilema ary tsy misy pentina.**20 **I Kristy dia efa voatendrin'Andriamanitra**

rahateo talohan'ny nahariana izao tontolo izao, saingy tamin'izao andro farany izao vao naseho noho ny aminareo;21 **Izy no mahatonga anareo hino an'Andriamanitra, Ilay nanangana Azy ho velona avy any amin'ny maty sy nanome voninahitra Azy, mba hifantohan'ny finoanareo sy ny fanantenanareo amin'Andriamanitra.**22 **Efa nandio ny fanahinareo ianareo tamin'ny nanekenareo ny fampianarana marim-pototra mba ho fitiavana tsy misy fihatsarambelatsihy no hitiavanareo ny havana iray finoana, koa mifankatiava fatratra amin'ny fonareo tokoa.**23 **Nateraka indray ianareo, tsy tamin'ny voa mety lo, fa tamin'ny voa tsy mety lo: dia ny tenin'Andriamanitra, izay teny velona sady maharitra.**24 **Fa hoy ny Soratra Masina: Ny olombelona rehetra dia tahaka ny ahitra ary ny voninahiny rehetra dia toy ny vonin'ny ahitra: malazo ny ahitra, dia mihintsana ny voniny.**25 **Fa ny tenin'ny Tompo no maharitra mandrakizay. Ary izany teny izany dia ny Vaovao Mahafaly notorina taminareo.»**

❶ Ny zava-dehibe voalohany ambaran'i Petera eto **fa fototry ny maha-Kristiana antsika, dia ny fifikirana amin'ny fanambaran'ny mpaminany** hatrany am-boalohany: «Nokarohin'ny mpaminany tokoa izay vaninandro sy toe-javatra notondroin'ny Fanahin'i Kristy; fa tao anatin'izy ireo ny Fanahin'i Kristy ka nanambara mialoha ny fijaliana hanjo an'i Kristy sy ny voninahitra hanaraka izany. Nasehon'Andriamanitra tamin'ireo mpaminany fa ny zavatra nomena horaharahainy dia tsy natao ho azy ireo fa natao ho anareo » *and. 11-12a*. **Tsy niorina tamin'ny kisendrasendra ny fisian'ny Kristiana, fa manaraka ny rafitra efa nataon'Andriamanitra hatrany am-piandohana ary nampilazainy ny mpaminany nirahiny.** Nanatanteraka iraka ireo mpaminany, ary na izy ireo aza dia tsy nahalala tanteraka akory izay nampilazaina azy ireo araka ny asan'ny Fanahin'Andriamanitra tao aminy, fa nikaroka. Tamin'ny andro nandinihin'ireo mpaminany ny teny nampilazaina azy dia nasehon'ny Fanahy fa tsy ho tonga amin'ny andro ahaveloman'izy ireo akory izany.Tsaroana ny tenin'ny Tompo Jesoa Kristy momba izany : «Eny, lazaiko marina aminareo fa maro ireo mpaminanin'Andriamanitra sy ireo olo-marina naniry hahita izay hitanareo nefa tsy nahita, ary hahare izay renareo nefa tsy nahare.»*Matio 13. 17*. Hoy ny mpanoratra ny epistily ho an'ny Hebreo, hoe: « Ireo olona rehetra ireo dia ny finoany no vavolombelon'ny mahatsara laza azy; kanefa, na dia izany aza, dia tsy mbola azon'ireo ny nampanantenaina azy. Fa Andriamanitra efa nanamboatra zavatra tsara lavitra ho antsika, mba tsy ho tonga amin'ny tanjona natao hiafarana ireo raha tsy efa mby eo koa isika.» *Hebreo 11. 39-40*

❷ Ny zava-dehibe faharoa dia ny **fanambaran'ny mpaminany hatrany am-boalohany fa hijaly Kristy, kanefa omem-boninahitra aorian'izany :** « **nanambara mialoha ny fijaliana hanjo an'i Kristy sy ny voninahitra hanaraka izany »** *and. 11b*. Efa isan'ny nahatonga ny tsy finoan'ny jiosy izany, ary mbola maro koa no mihevitra mandraka ankehitriny fa sarotra ny manaiky izany Tompo nijaly izany. Azo antoka fa tao an-tsain'i Petera kanefa, satria faminaniana tokony ho fantany tsara

tahaka ny fahafafantaran'ireo jiosy mpiara-belona taminy koa, ny *Isaia 53*. Nanome hery ireo jiosy tany amin'ny fahababoana io, fa tsy nomena lanja loatra intsony taty aoriana rehefa tafaverina indray izy ireo. Fa ho an'ny mpianatry ny Tompo dia nampahatsiaro azy ireo izay efa nolazaina taminy matetika, ary ho an'i Petera manokana dia fantany fa ny nandavany izany no nitenenan'ny Tompo azy mafy hoe : « Miala amiko, ry Satana! Ndeha atsy aoriako! Mitarika Ahy amin'ny ratsy ianao, satria tsy hevitr'Andriamanitra no ao an-tsainao fa hevitr'olombelona.» *Matio 16. 23*. **Ny fampianaran-diso mahazo vahana dia izay manidrahidra sy manandratra fotsiny an'i Kristy be voninahitra sy Tompon'ny fahefana rehetra, fa manamaivana ny lalan'ny hazofijaliana.** Na dia ireo mpianatra akaiky ny Tompo aza dia tsy nahatsiaro io filazany mialoha ny fahoriana holalovany io, raha tsy taty aoriana (*jereo* Lioka 18. 31-34 ; Jaona 13. 36-38). Efa nanamafy kanefa ny Tompo fa «Ary izay tsy mitondra ny hazofijaliany ka tsy miaraka amiko dia tsy mendrika Ahy.» *Matio 10.33* ; «Raha misy te hiara-dia amiko, dia aoka izy handa ny tenany ka hitondra ny hazofijaliany ary hiaraka amiko. » *Matio 16.24*.
Fa ny fitsanganan'ny Tompo tamin'ny maty no nanova ny fietreny hanjary voninahitra. Na dia tsy nilaza tena mazava tsara momba izany aza ireo mpaminany, nosoritan'izy ireo kosa ny fiovana eo anivon'ny firenena rehetra rehefa hitsangana ny Tompo ka omem-boninahitra (*jereo* Isaia 11. 1-16 ; 25. 7-8 ; 66. 1-24)
❸ Ny zava-dehibe fahatelo dia **asan'ny mpitory Filazantsara, omban'ny herin'ny Fanahy Masina no ahatongavana ho Kristiana :** «ary izany zavatra izany dia nampandrenesina anareo ankehitriny, tamin'ny alalan'ireo olona izay nomban'ny Fanahy Masina nirahina avy tany an-danitra ka nitory ny Vaovao Mahafaly taminareo.» *and. 12b*.
Tsy nahavita na nahefa ny fanazavana ny faminaniana, izany hoe, ny Tenin'Andriamanitra ambara, na ny mpitory, na ny mpampianatra, fa ny Fanahy Masina ihany no mampahazava izany. Talohan'ny niakarany ho any an-danitra, sy teo amin'ny faramparan'ny niarahany tamin'ny mpianatra tety an-tany, dia efa nilaza sy nampanantena ny Fanahy homba sy hanazava ny mpianatra (*jereo* Jaona 16. 13-14 ; Asa 2. 4 ; 10. 44-45 ; Hebreo 2. 3-4). Hoy ny apôstôly Paoly nilaza momba ny fandraisana ny hevitry ny Soratra Masina na ny votoatin'ny faminaniana : « Saingy izao no voalazan'ny Soratra Masina: Zavatra tsy mbola hitan'olona maso na ren'ny sofiny na tafiditra tao am-pony akory, no efa nomanin'Andriamanitra ho an'izay tia Azy. Izahay kosa no nanehoan'Andriamanitra izany tsiambaratelo izany tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Fa ny Fanahy Masina dia afaka mandinika ny zavatra rehetra, na dia izay lalina indrindra ao amin'Andriamanitra aza. Raha samy olombelona izao, dia ny fanahin'ny olona ao anatiny ao ihany no mahalala izao ao am-pon'ilay olona; ary toy izany koa, ny Fanahin'Andriamanitra ihany no mahafantatra izay ao am-pon'Andriamanitra. » *1 Korintianina 2. 9- 11*. Ny atin'ny fo no misy ny foiben'ny fahafahana (siège de la liberté). Fa noharian'Andriamanitra ho olona afaka isika. Saingy isika ihany no mampiditra antsika ao anatin'ny tranomaizina vokatry ny saina amam-pahalalana. Efa nahalavo hatrany am-boalohany ny fitadiavana hitovy amin'Andriamanitra ka tsy hila Azy, fa « hahalala ny tsara sy ny ratsy ». Adinon'ny olombelona, na dia eo anivon'ny Fiangonana aza, fa fakana ny toeran'Andriamanitra ny mamaritra ny tsara sy ny ratsy araka ny fisainantsika olombelona fotsiny. Tsy maintsy manaiky hotarihan'ny Fanahin'Andriamanitra isika. Ny Fanahy Masina kanefa tsy miasa raha tsy manetry tena eo anatrehan'Andriamanitra isika ka manaiky hotarihiny, fa tsy miseho ho mahay ho azy.

❹ Tian'i Petera holazaina fa na dia ireo anjely any an-danitra aza dia naniry hahita sy handinika ny amin'ny famonjena namboarin'Andriamanitra hanavotany ny olombelona tafasaraka taminy : «Eny, izany zavatra izany aza dia irin'ireo anjely hodinihina» *and. 12d* . Kanefa tsy afaka nahalala ny tena izy momba izany izy ireo, na dia nijery akaiky aza (*parakypsai*, hoy ny teny grika), fa asan'Andriamanitra irery ihany tamin'ny fitiavany ny famonjena. «Be famindrampo tokoa Andriamanitra, ka niteraka antsika indray tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy Izay natsangany ho velona avy any amin'ny maty.» *1 Petera 1. 4*, hoy Petera nilaza ny asa famonjena natao, ka nahatonga ny mino ho kristiana.

❺ Misy toetra aseho ivelany, **fijoroana ho vavolombelona ateraky ny faharesen-dahatra, fa tsy noho ny lalàna sy fitsipika atsangantsika olombelona akory, amporisihin'i Petera fa tokony hananan'ny Kristiana.** Hamafisiko tsara fa ateraky ny faharesen-dahatra ireto manaraka ireto, fa tsy noho ny fitsipika na lalàna tsy maintsy arahina akory ! Ny mahatonga ny fihatsaram-belatsihy nolovana tamin'ireo Fariseo dia ny fiezahana hanaraka Fitsipika ka hiseho ho marina ivelany, kanefa ny fo tsy resy lahatra akory hiova.

➪ «**Aoka ho vonombonona lalandava ny fanahinareo**» : avy amin'ny DIEM izany, fa amin'ny Baiboly mahazatra antsika dia lazainy hoe « sikino ny sainareo ». Ny hevitr'izany dia hoe aoka mba ho vonona hanao izay ilaina hahatanteraka ny maha-kristiana. Tsy ialana fahoriana ny fiainana kristiana (efa voalaza teo aloha izany), misy mandrakariva ny fakam-panahy, mety hitranga ny fizahan-toetyra mahamay, kanefa ny Kristiana dia tsy tokony ho kivy fa ho vonona mandrakariva satria mahalala ny fahavalo tokony hotoheriny. Hoy ny fiteny miverimberina matetika rehefa miara-mivavaka izahay ao amin'ny BF : « aoka isika tsy ho diso fahavalo !» Tsy ny olona no handaniana hery hotoherina, na dia be aza ny hevitra tsy itovizana eo amin'ny fomba fijery ; tsy ny rafitra akory aza, na dia misy tsy mifanaraka amin'ny eritreritsika aza. Fa hoy ny Tenin'Andriamanitra : « Itafio avokoa ny fiadiana omen'Andriamanitra, mba hahazoanareo hamahatra tsara eo anatrehan'ireo tetika afitsoky ny devoly. Tsy olombelona nofo aman-dra tsy akory no ifanandrinantsika, fa ireo fanahy ratsy eny ana habakabaka: dia ireo fanapahana, ireo fahefana, ireo hery mifehy ny sehatry ny haizina. Noho izany, raiso avokoa ny fiadiana omen'Andriamanitra, mba hahazoanareo manohitra ny fahavalo amin'ny andro ratsy; ka rehefa nandresy ny famelezana rehetra nafitsony ianareo, dia mbola hamahatra tsara ihany. » *Efesianina 6. 11-13*

➪ «**Mahonona tena, ka antenao tsara ny fahasoavana izay hatolotra anareo amin'ny andro hisehoan'i Jesoa Kristy. ».** Ny teny hoe « **Mahonona tena »** dia ampiasaina matetika ho an'ny mpimamo, satria tsy tompon'ny tenany intsony izay mamon'ny toaka. Eto kanefa dia ampiasaina izany mba tsy ho mamon'ny zavatra momba izao fiainana izao ny Kristiana. Mazava tsara ny voalaza ao amin'ny *1 Tesalonisianina 5. 19-22* : «Aza vonoina ny asan'ny Fanahy Masina; aza atao tsinontsinona ny teny ataon'ireo mpilaza hafatra avy amin'Andriamanitra; diniho ny zavatra rehetra, ka tano izay tsara; halaviro daholo ny zava-dratsy isan-karazany».

➪ **«Antenao tsara ny fahasoavana izay hatolotra anareo amin'ny andro hisehoan'i Jesoa Kristy ».** Miaina amin'ny fanantenana mandrakariva ny Kristiana. « Antenao tsara » (*telos*, hoy ny teny grika, midika hoe lavidavitra aloha) ;

fa « antenao hatramin'ny farany » (*teleios elpisate*, hoy ny teny grika). Na inona na inona zavatra mitranga, amporisihina ny kristiana hiohazona tsara ny fanantenana azony miorina amin'ny Filazantsara notorina taminy. Fa hoy ny Soratra masina : «Koa aza manary ny fahatokianareo fa misy valisoa lehibe izany. Ilainareo tokoa ny faharetana mba hanaovanareo ny sitrapon'Andriamanitra ka hahazoanareo izay ampanantenainy. Fa hoy ny Soratra Masina: Kely foana sisa dia ho tonga Ilay tsy maintsy ho avy, fa tsy hitaredretra. Ary ny olo-marina eo imasoko noho ny finoana dia ho velona; fa raha mihemotra izy, dia tsy sitrako. »*Hebreo 10. 35-39*